VALIN'IREO FANONTANIANA NIPETRA MATETIKA
MOMBA NY FIANTSONA TETIKASA

1- Ny fandefasana ny fangatahana famatsiam-bola avy any amin'ny faritra dia amin'ny alalan'ny mailaka alefa amin'ny adiresy appel@tanymeva.org sy fondation.tanymeva@gmail.com.

2- Ny rijan-tenin'ity fiantsoana tetikasa ity (TDRs) sy ny lasitra dia efa samy manana ny rohy arakaraky ny fiantsoana ho valianao fa raha toa ka sahirana maka izany ao dia azo angatahana amin'ny mailaka amin'ny adiresy fondation.tanymeva@gmail.com izany.

3- Ireo efa manana tetikasa mbola mandeha tsy misy olana ao amin'ny Tany Meva koa dia mahazo manolotra tetikasa fa amarinina sy porofoina tsara kosa ny fahafahan'ny mpanolotra manatanteraka tetikasa roa miaraka.

4- Na tsy feno dimy taona aza ny fikambanana (vaovao) dia afaka manolotra fa ny olona sy ny tompon'andraikitra hiasa ao anatin'ny fikambanana hiandraikitra ny tetikasa kosa dia tokony manana traikefa 5 taona amin'ilay lohahevitra atolotra farafahakeliny. Ny 30% n'ny famatsiam-bola amin'ity taona ity dia natokana hoan'ireo fikambanana vao misondrotra ary ny 70% kosa hoan'ny fikambanana efa manana traikefa 5 taona farafahakeliny momba ny lohahevitry ny tetikasa izay atolony.

5- Noho ny hamaroan'ny fikambanana te hanolotra tetikasa dia tetikasa iray isaky ny fikambanana ihany no tokony atolotra. Ny tetikasa iray dia afaka mampiditra lohahevitra maromaro mifanaraka amin'ireo lohahevitra telo naroson'ny Tany Meva.

6- Amporisihana isika hanolotra tetikasa vaovao fa tsy tetikasa efa andalam-panatanterahana.

7- Ny "presentation sy oronantsary" amin'ny famelabelarana momba ny fiantsoana tetikasa ny 15 aprily 2022 dia ho hita ao anatin'ny tranokala sy ny pejy facebookin'ny Fondation Tany Meva ary azon'izay liana rehetra arahana mandritra sy aorian'io daty io.

8- Mba ho fampitambarana/fampivondronana ny ezaka sy ny vokatry ny tetikasa vatsian'ny Tany Meva vola ary mba hisian'ny fiatraikany mivaingana sy azo tsapain-tanana kokoa dia ireto faritra dimy ireto aloha no ho laharam-pahamehana amin'ity fiantsoana ity : Boeny, Anosy, SAVA, Androy ary Vatovavy.

9- Ezahana ny hampita ny valin'ny fiantsoana tetikasa hoan'ireo rehetra nandray anjara, iray volana aorian'ny nifaranan'izany fiantsoana izany, ary ho hita ao amin'ny tranokala sy ny pejy facebook ary amin'ny affiche ao amin'ny Fondation Tany Meva Ambatobe koa izany.

10- Ny famerenana ny ala na ny fambolen-kazo dia ao anatin'ny lohahevitra hovatsiana vola tokoa fa ny karazan-kazo na ny « espèce » dia tokony atao mifanaraka tsara amin'ny tanjon'ny tetikasa atolotra.

11- Ny teti-bidy isaky ny hekitara nomena dia mahakasika ny asa sy ny zavatra ilaina ao antiny rehetra ho an'ny fambolen-kazo sy ny fanarenana ny ala.

12- Ny teti-bidin'ny fiofanana sy fampitomboam-pahaiza-manao "formation et renforcement de capacité" dia afaka ampidirina ao anatin'ny teti-bolan'ny tetikasa atolotra, toy izany koa ny fanentanana « sensibilisation ».

13- Ny fenitra momba ny fampahafantarana ny tetikasa na ny « visibilité » dia omena ny mpanolotra tetikasa izay voasafidy rehefa hiroso amin'ny fifanarahana.

14- Ny tetikasa hovatsiana vola dia izay mifanaraka tsara amin'ny rijan-tenin'ny fiantsoana tetikasa (TDRs) sy ny lohahevitra telo napetraky ny Fondation Tany Meva voalaza ao anatin'io TDRs io ary tena mamaha ny olana ara-tontoloiainana sy mampandroso ny eny ifotony.

15- Ny orinasa tsy miankina dia mahazo manolotra tetikasa saingy izay tetikasa tena mikendry manokana ny tombontsoan'ny fokonolona no azo raisina fa tsy tetikasa fampandrosoana ny orinasa fotsiny ihany.

16- Amporisihana tokoa ny fiaraha-miasan'ny vondron'ny fikambanana maromaro mba hampisy vokatra tsara kokoa sy hahabetsaka ny mpisitraka ary hampisongadina ny fiatraikan'ny tetikasa.

17- Tsy tokony latsaky ny dimy taona ny faharetan'ny fifanarahana hanatanterahana ny tetikasa mba hahazoana vokatra tsara sy fiatraikany bebe kokoa. Ny telo taona voalohany dia natao hamitana ny asa amin'ny ankapobeany ary ny roa taona farany hanaovana fanaraha-maso, fijerena sahady ny fiatraikany ary fanatsarana raha misy ny olana tsikaritra.

18- Ny tetikasa efa natolotra tamin'ireo fiantsoana tamin'ny taona teo aloha dia mbola azo averina fa tokony ezahana hatsaraina izany mba hifanaraka tsara amin'ny rijan-tenin'ny fiantsoana tetikasa amin'ity taona 2022.

19- Azo atao ny manolotra tetikasa hoan'ny tanan-dehibe fa tsy voatery eny ambanivohitra.

20- Ny « récépissé » dia takiana ho an'ny fikambanana (Association) fa ny mpanolotra tetikasa hafa kosa dia manome taratasy ara-panjakana milaza ny fiorenany ara-dalana mitovy lenta amin'izany.

21- Tsy voatery misy fambolen-kazo ny tetikasa atao fa kendrena kosa nefa mba ho tetikasa mahakasika ny fampandrosoana sy fiarovana ny tontoloiainana no atolotra ary mifanaraka amin'ny lohahevitra telo napetraka ao amin'ny rijan-tenin'ity fiantsoana tetikasa ity.